NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 9 janoary 2021 | Laharana 1112 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Lakrimôzena 2

Izay voa dia voa, izay no fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina

Tononkira
SAMIA MAMISAVISA
Dedesse (Bezara Ernest) 4

Fampianarana 2

Lasa nasionaly ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS

Ravalo sy ny TIM boriborintany I 2

Taonan'ny fahasahiana hananganana firenena vanona ny 2021

Fiainam-pirenena sy haino aman-jery 6

Raikitra ny Miara-manonja misamboaravoara ny sambo

Vaomiera fitantanan'ny CAF 5

Nanamafy fa tsy afaka hirotsaka ho filoha i Ahmad

Mety ho ambadika politika 3

May ny tranon'i Fleury Rakotomalala eny Ambatobe

Fandraharahana 4

Nodimandry i Solo Dolara

Tranombarotra Baolai 7

Mitohy hatramin'ny faran'ity volana janoary ity ny fihenam-bidy

Daka kely

Ny taona no miova fa ialahy ry Boaikely tsy misy fiovana fa mbola tsy mikatona loha malemy foana a !

RAVALO SY NY TIM BORIBORINTANY I

Taonan'ny fahasahiana hananganana firenena vanona ny 2021

Vory lanona tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny boriborintany voalohany toy ny: DISTIM, ny Foktim ary ireo rantsana eny amin'ny fokontany (secteur), nandritra ny fifampiarabana tratry ny taona teo amin'izy ireo, sy ny depiote voafidy tao anatin'ny boriborintany voalohany eto Antananarivo Renivohitra, Me Hanitra Razafimanantsoa. Tonga nanotrona azy ireo tamin'izany ny birao politikan'ny antoko TIM, notarihin'ny filoha nasionaly, ny filoha Marc Ravalomanana, ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, sy ireo mpikambana ao anatiny ary ny solontenan'ny solombavambahoaka, ny kestora Mamy Rabenirina. Taonan'ny fahasahiana sy taonan'ny fanamby ity taona ity, hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Mila miray hina ny TIM hoy izy, fa hanangana Firenena vanona ary tsy maintsy ho azontsika ny tany vaovao. Tsy hatao hira faneva fotsiny ny hirantsika iny, fa hatao asa ho amin'ity taona ity. Mila arindra tsara ny organization, na fandaminana, hoy i Dada ary hamafisina ny firaisankina, ka rehefa tonga ny fotoana dia miainga isika".

Mbola ireo tomponandraikitra isaky ny rafitra ifotony rehetra no nihaona tao amin'ny QG Belair, ka ireo no hampita ny toromarika any amin'ny mpikatroka rehetra manerana ny boriboritany, araka ny nambaran'ny solombavambahoaka, Me Hanitra Razafimanantsoa. "Na inona na inona fandikan'ny sasany izany dia izay no izy" hoy hatrany ity solombavambahoaka ity raha nandray fitenenana izy. "Tsy avelantsika ho viraviraina toy izao ny Firenena". Vonona ny Tiako i Madagasikara eto amin'ny Boriboritany voalohany ary aorian'ny Filoha Nasionaly Marc Ravalomanana hatrany amin'ny zavatra rehetra, hoy ity olom-boafidy ity. Ankoatra izay, na fety fifampiarahabana tratry ny taona aza no natao dia

Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy Bel'Air afak'omaly.

nahitsy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa nanambara, fa natao ankilabao sy zanak'ikalahafa ny boriboritany voalohany tamin'ny fitrangan'ny valan'aretina coronavirus teto amin'ny firenena, fa tsy mba nahazo izay tosika fameno sy tosika samihafa, nefa volambahoaka notrosaina tany amin'ny mpamatsy vola no nampiasaina tamin'izany. Eto aho dia manamafy ihany koa hoy Me Hanitra Razafimanantsoa, fa ny fanjakàna Andry Rajoelina no tompon'andraikitra voalohany nampiditra ny valanaretina coronavirus nampitondra faisana ny Malagasy, tamin'ny tsy nanidiany ny sisintany ara-potoana, na efa nangataka izany aza ny filoha Marc Ravalomanana. Taorian'izay dia tsy nitazam-potsiny ireo mpikatroka TIM ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, fa nisy ihany koa ny fanomezana miendrika nofonkena mitam-pihavanana natolony ho an'ireto tomponandraikitra eny ifotony ireto.

Helisoa

Fampianarana

Lasa nasionaly ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS

Mitohy hatrany ny fitokonan'ireo mpianatra miofana ho mpampianatra, na ny mpianatry ny Ecole Normale Supérieure (ENS), raha tsy azo ireo fitakian'izy ireo, izay no anisan'ny tapaka tamin'ny fivoriany omaly. Ankoatra izay, lasa nasionaly ity grevin'ny ENS ity, satria manampy ny eto Antananarivo, mitokona ihany koa ny any amin'ny ENS teknika any Antsiranana, sy ny ENS any Toliara. Ho an'ny tany Antsiranana, niitatra tany amin'ny DREN Diana ny sakoroka, nisy ireo mpitokona no voasambotra nefa efa navotsotra izy ireo. Tonga

Ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS Toliara.

hatrany amin'ny fitakiana vatsim-pianarana, na bourse tsy azo ny fitakiana. Mitaky ny ampandehanana ny rano tsara koa izy ireo. Noho ny hetsiky ny mpianatra tany Diégo : potika ny trano, may ny fiaran'ny logistique, rava ny biraon'ny DAF ny DREN, notapahan'ny mpianatra ny jiro. Ankoatra ny fandraisana ho mpiasm-panjakana ny mpianatry ny ENS, mitaky ny fanalana ny Filohan'ny Oniversite koa izy ireo. Mihetsika toy izany koa ny mpianatry ny ENS amin'ny Oniversite any Toliara, manamafy ny fitakiana amin'ny fampidirana ho mpiasam-panjakana avy hatrany azy ireo, raha vao vita ny fiofanany. Manambana ny hihetsika koa ny any Fianarantsoa momba ity raharaha ity. Manoloana izao hetsiky ny mpianatra izao, ho an'ny eto Antananarivo, tsara ambin'ny mpitandro filaminana ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena etsy Anosy.

Stefa

TIM boriboritany faha 3

Nifampiarahaba tratry ny taona, hanamafy firaisankina

Toy ny fanaony isantaona dia nifampiarahaba tratry ny taona tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao Bel'Air Ampandrana ny DISTIM, sy ny mpikatroka TIM ao amin'ny boriboritany faha 3, notarihan'ny filohan'ny DISTIM, Andriamatoa Pascal, sy ireo mpanolotsaina ny Tanàna ary ny mpanakanto Bodo, lisitra faharoa, nandritra ny fifidianana depiote tao amin'ny boriboritany faha 3. Nandritra izany dia tonga nanatrika ity fifampiarahabàna tratry ny taona ity ny filoha Marc Ravalomanana. Nisy ny hafatra napetrany tamin'izany dia ny hisian'ny firaisankina amin'ny mpikambana rehetra, satria izay mitambatra vato, izay misaraka fasika. Samy namoaka ny tao am-pony hanatsaràna ny antoko ireo izay nandray fitenenana, ka tapakevitra ny rehetra fa ho tokana ny tanjona dia ny hampatanjaka ny antoko TIM ao amin'ny boriboritany faha 3. Izay tsy nety tamin' izany dia harenina hanatsaràna azy.

Helisoa

Ny filoha Ravalomanana, nandritra ny fifampiarahabana tratry ny taona, teo amin'ireo mpikatroka ao amin'ny Boriboritany faha-3.

Ny Valosoa sy fakafaka

Lakrimôzena

Izay voa dia voa, izay no fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina

Mbola misy tsy mahazo, sy miditra ao an-tsainy ihany, amin'ny fihetsika sy ny vokatry ny zava-misy ataon'ny manam-pahefana eto amin'ny firenena ity. Niaraha-nahita sy nandre tamin'ny haino aman-jery, ohatra, ny fitarainan'ireo mponina sy indrindra ny mpivarotra teny amin'ny manodidina ny arabe nanaovan'ny mpianatra hetsika avy ao amin'ny ENS Ampefiloha tamin'ity herinandro ity, ka nisian'ny fanapoahana entona lakrimôzena nalefan'ny mpitandro filaminana nanaparitahana azy ireo. Nitaraina ireo olona ireo fa nisy ny sempotra sy ny zazakely narovana, ary ny tsy maintsy nanakatona ny fivarotana. Moa atao hahagaga ve izany? Aoka tsy ho hadinoina velively ny zava-nitranga tamin'ny taona 2009 tamin'ny fanoheran'ireo vahoaka miaro ny aradalàna, ka nohenjehin'ireo mpitandro filaminana ireo ihany eraky ny tanànan'Antananarivo. Tsy nisy niasa saina na kely aza ireo tomponandraikitra notarihin'i Andry Rajoelina, sy ireo mpitandro filaminana ireo ihany, tamin'ny fanapoahana gazy lakrimôzena tamin'ny toerana izay tokony nasiana fanajàna na kely ihany aza. Teo ireo sekoly nisy mpianatra madinika nianatra tamin'izay, toy ny teny Tsiazotafo. Napoaka nanoloana ireny sekoly ireny izany entona manempotra izany, fa tsy nasiana hasiny mihitsy. Ny fanenjehana ireo mpanohitra ny fitondran'ny mpanongam-panjakana no nifotorana sy nahamaika, ny sisa ambinambin-javatra tsy mampaninona. Ary ny tena zava-doza, ny nitranga teny akaikin'ny hopitalin'ny ankizy teny Tsaralalana. Nandositra sy nohenjehina tamin'ireo lalana teny ihany koa mantsy ireo mpanohitra. Tsy fiheverana mihitsy na kely aza fa napoapoaka fahatany teny, tsy nasiana fisainana na kely aza ny gazy lakrimôzena. Dia ho atao hahagaga ve ary mbola misy mitaraina ireo mponina teny Ampefiloha manoloana ny fihetsiky ny mpitandro filaminana amin'ny fanapoahana entona manempotra toy ireny? Tsy hisy hiasa saina aminareo izany e, fa efa ohatra be miharihary amin'ny tsy fivakiana loha ny lasibatra toy ireny ny tamin'ny taona 2009 ireny. Izay lasibatra any lasibatra, izay voa any dia voa na tsy misy idirany aza, fa izay manelingelina aloha tsy maintsy potehina alàna. Izay vokany any vokany. Izay no fomba fisainana sy fiasan'ity fitondrana ity.

Azo itarafana tsara ny fomba fitantanam-pirenena izany sy ny hanjo azy. Tsy amin'ny famoretana hetsika mitranga, fa na amin'ny asa tanterahiny ihany koa. Azo atao ny mihevitra, fa raha milaza hanao tetikasa goavana Rajoelina sy ny ekipany amin'ity taona ity, tsy maintsy hisy lasibatra ho voa mafy ao ambadik'izany. Iaraha-mahalala, fa ity fitondrana ity dia tsy mahay mitsinjo ny havia sy havanana miaraka, fa tsy maintsy misy hiangarany hatrany. Toy ireny tamin'ny fitsinjovana ny sosialim-bahoaka tao anaty krizy mafy, tamin'ny ara-pahasalamana ireny, izay nisy vahoaka voailika tsy nivakiana loha, tsy nasiana teny na kely aza. Fitondrana Rajoelina, tsy mahay mitantana vahoaka ho amin'ny fampitoviana ny rehetra tsy ankanavaka.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Fiainam-bahoaka : miverina ny andron'ny fitomaniana

Ny taona 2009 sy ny taona 2019 dia samy miafara amin'ny isa "9" ary samy taona niandohan'ny fitondran-dRajoelina Andry avokoa. Ny voalohany dia fitondrana norombahina tamin'ny fampiasana basy aman-tafondro, fa ny faharoa kosa dia azo lazaina fa tamin'ny fomba demokratika ihany, satria nisy ny fifidianana fa fifidianana tao anatin'ny hosoka, ka ny didy tsy azo ivalozana navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), no nametraka azy eo amin'izao fitantanana ny Firenena izao. Hiloko lokom-boasary avokoa ny andrim-panjakana rehetra ary miverina ny "revolisiona loranjy" (Révolution orange) satria maro an'isa ny "Isika Rehetra miaraka amin-dRajoelina" (IRD, na IRMAR) hatraiza hatraiza, amin'ny ambaratongam-pitondrana rehetra. Nisy ihany ny fiaraha-mitantana tamin'ny tetezamita satria nisy TIM tao amin'ny Mpanolotsaina Ambonin'ny Tetezamita (CST) sy ny Mpanolotsainan'ny Tetezamita (CT) ary tao amin'ny governemanta. Amin'izao fotoana izao dia ao amin'ny Antenimierampirenena no misy mpanohitra, TIM, fa tsy manana Loholona na mpikambana tao amin'ny Fahefana Ambonin'ny Tetezamita (HAT), na tao amin'ny Governemanta ny TIM. Midika izany, fa Rajoelina Andry sy ny mpiara-dia taminy no nanjaka sy manao izay nety taminy teto amin'ity Nosy ity araka ny filazan'ny mpanolotsaina manokana ao amin'ny fiadidiana ny prezidansy indray andro izay. Tsapa ihany koa fa miverina tsikelikely kanefa tsy hay tohaina ny tranga rehetra nanahirana teo amin'ny sehatra rehetra tamin'ny andron'ny tetezamita. Eo amin'ny resaka fifidianana dia ny filohan'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) tamin'ny tetezamita no filohan'io andrim-panjakana io amin'izao fotoana izao. Ny sekreteram-panjakana miandraikitra ny zandarimaria tamin'ny tetezamita no mitazona io toerana io izao. Miverina ihany koa ny fomba fanao nandritra ny tetezamita, ka nosamborina sy nampidirina am-ponja izay olompirenena nanelingelina sy nampangaina ho nanozongozona ny fitondrana. Tsy nandry fahalemana ny valalabemandry satria nanjaka ny dahalo sy ny jiolahy, tsy tany antsaha ihany, fa hatreny ambony latabatra. Tratra ireo harem-pirenena naondrana tany amin'ny firenen-tsamihafa kanefa dia tsy nisy tohiny ny fanadihadiana natao momba azy ireny, ka amin'arivo tapitrisa dolara maro no very tamin'izany. Ny zavatra heno anefa dia nisy ny nanan-karena tamin'ny fomba tsy dia mazava loatra tamin'izany fotoana izany. Teo amin'ny sehatry ny fihariana indray dia aman'hetsiny maro no very asa satria maro ireo orinasa afaka haba no nikatona noho ny tsy fisian'ny antoka matotra nanoloana ny fandrobana nahazo laka. Teo amin'ny sehatry ny fanabeazana indray dia maivan-danja ny fahalalana noratovin'ny mpianatra malagasy. Nampanantenaina ny "tramway" ho fitaterana an-tanàn-dehibe kanefa na lalamby iray aza tsy nipetraka ary tsy nisy tohiny intsony tao anatin'ny dimy taona naharetan'ny tetezamita. Mitsingerina ao an-tsaina vaokoa ireo tranga rehetra ireo rehefa nisy ireo bolongam-bolamena fitopolo kilao mahery sarona tatsy Afrika Atsimo. Efa nisy volamena saika naondrana tratra teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato saingy ny mahagaga dia grama maromaro izany, fa tsy amam-polony kilao maro tahaka izao. Tany amin'ny fadin-tseranana tany ivelany ihany koa no tratra ireo harena malagasy. Toy ny amin'izao fotoana izao dia tsy nisy tomponandraikitra tamin'izany fanondranana antsokosoko izany ny minisitera voakasika. Nitaky ny mangarahara ny mpanohitra tamin'izany saingy famoretana no setriny. Toy ny tamin'ny tetezamita ihany koa dia andatsahana baomba mandatsa-dranomaso sy samborina izay manao fihetsiketsehana mitaky ny zony. Tsy nijanona any amin'ny faritra Atsimo intsony ny asan-dahalo, fa efa mirongatra aty amin'ny tapany Avaratry ny Nosy amin'izao fotoana izao. Tsy mionona amin'ny halatra intsony ny jiolahy, fa manolana sy maka takalon'aina ary mandatsak'aina ihany koa. Mahazo laka ny tsy fanarahan-dalàna eo amin'ny fifamoivoizana sy fitaterana, eo amin'ny sehatra rehetra mihitsy, satria ny ataon'ny mpitondra ihany no alain-tahaka. Marina ny fahendren'ny Ntaolo Malagasy manao hoe: "Raha adala loholona, dia adala vahoaka".

Andry Tsiavalona

Mety ho ambadika politika

May ny tranon'i Fleury Rakotomalala eny Ambatobe

May tokony ho tamin'ny 12 ora alina, omaly, araka ny vaovao voaray teny an-toerana ny trano fonenan'ny mpanao politika efa nilatsaka ho filoham-pirenena sy mpamakafaka politika, Fleury Rakotomalala eny Ambatobe. Ity mpanao politika ity izy monina any Frantsa amin'izao fotoana. Misy ny zavatra mampiahiahy, mety ho ambadika politika amin'izao fahamaizan'ny tranon'i Fleury Rakotomalala izao, satria izy dia anisan'ireo mpamakafaka politika miseho amin'ny tambazotran-tserasera mamotsipotsitra ny tsy mety ataon'ny fitondràna Rajoelina ary tena tsy mitsitsy fitenenana mihintsy mikasika izany. Amin'izao fotoana izao dia manomboka mafanafana ny raharaha politika, ka tsy fantatra na misy fifandraisany amin'izany, na ahoana, fa miandry ny fanadihadiana sy famotorana ataon'ny manampahefana mikasika izany ny rehetra. Fleury Rakotomalala ihany koa tao amin'ny tambazotran-tserasera facebook dia nanambara hatrany, fa na inona na inona miseho, na ho dorana aza ny fananany dia tsy mihemotra amin'ny filazana ny tsy mety ataon'ny fitondràna Rajoelina ny tenany.

Helisoa

Ny tranon'i Fleury Rakotomalala eny Ambatobe, nahitana fahamaizana.

Rivo Rakotovao : Antenimierandoholona

Ny firaisankinan'ny loholona no nahafahana niaro azy

Amin'ny maha Ray amandReny ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao, tonga niarahaba azy ireo Loholon'i Madagasikara namany, noho ny fahatongavan' izao taona vaovao izao, ny alakamisy teo, tao amin'ny lapa maitso Anosikely. Nankasitraka ny Filohan'ny Antenimierandoholona izy ireo tamin' ireo fihetsika, sy ireo fanehoan-kevitra nentiny niarovana ity Andrimpanjakana ity. Ny Filohan'ny Antenimierandoholona kosa tetsy andaniny dia nisaotra azy ireo tamin' ireo zava-bita hatrizay, nambarany fa tsy noho izy irery no nahafahana niaro ny Antenimierandoholona, fa noho ny fiaraha-misalahy sy ny fijoroana ary ny firaisankinan'ny tsirairay. Reharehantsika no fandresena ho antsika izany hoy izy. Amin'izao taona vaovao izao, dia nohamafisiny fa tokony samy mibanjina ny ho avy ny tsirairay, mba

Ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra tetsy Anosikely.

hahafahana manatanteraka ny tanjona iraisana dia ny fampandrosoana ny firenena izany. Ankoatra ireo Loholon'i Madagasikara dia tonga niarahaba ny Filohan'ny Antenimierandoholona ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny antoko politika HVM, izay notarihan'Andriamatoa Rachidy Mohamed Haloa, Sekretera Jeneralin'izany antoko izany. Marihina fa ny 19 janoary ho avy izao no hivory ny Antenimierandoholona vaovao, ho fantatra amin'izany ireo ho mpikambana amin'ny birao maharitra vaovaon'ity Andrimpanjakana ity, izay mampihomehy ihany satria 18 no ho mpikambana ao, nefa ny antsasa-manilany dia ho ao amin'ny birao maharitra avokoa.

Isambilo

TONONKALO

Dia hangina va ianao ?

Dia hangina va ianao no sady mbola hikombom-bava,
Nefa tokantrano maro no efa mandry fotsy lava ?
Mila tsy hahavidy intsony hatramin`ny vary iray kapoaka,
Noho ny ataon`ireo mpitondra tsy mitsinjo ny vahoaka !

Dia hangina va ianao, tsy mbola maika hamonjy lisitra,
Nefa i Madagasikara sasatry ny miady gisitra ?
Amin`ny sehatra rehetra dia tsy misy ny mangirana,
Fa dia rambony eny foana, tsy mahita andro mirana !

Dia hangina va ianao ry tia mitonona ho mpivavaka,
Nefa anie ity nosinao toa mihamilentika any an-davaka ?
Azo ambara tsotr`izao fa efa resy sy mivarina,
Noho ny ataon`ireo mpitondra, tsy mahitsy sy tsy marina !

Dia hangina va ianao mitonona ho nandia fianarana,
Nefa anie ny adintsika, ady mbola tsy mifarana !
Ady mafy sy mitohy, ho tombontsoan`ny taranaka,
Handavoana ireo mpitondra, kilalaon`ireo mpanjanaka !

Dia hangina va ianao no sady mbola hihalangalana,
Nefa hita ny mpitondra f`efa tena diso lalana ?
Tonga ny ora, mitsangàna, ry nahatsiaro fa nomena.
Indro i Madagasikara, tena miandry manantena !

Dia hangina va ianao ? baraingo no indro fa apetraka,
Manoloana ireo mpitondra, jiolahy mpihetraketraka !
Eny, mety hoe hangina, saingy mandra-pahoviana ?
Miandry anao ny firenena ka tandremo sao variana !

DADAN`i ZINA (07-01-21)

FANDRAHARAHANA

Nodimandry i Solo Dolara

Araka ny vaovao voaray avy any Sambava, renivohitry ny faritra Sava, nodimandry Andriamatoa Solo Mamakafo, na i Solo Dolara no ahafantaran'ny maro azy. Mpandraharaha anisan' ny sangany sy nalaza teto amintsika, indrindra teo amin'ny sehatry ny fandraharahana voly fanondrana toy ny lavanila. Tamin'ny Repoblika faha-2, nandritra ny fitondran'ny Amiraly Didier Ratsiraka no tena nahafantarana azy. Nampiavaka azy koa ny fanaovany asa sosialy toy ny fanampiana fiangonana maro samihafa. Teo koa ny fananany fiaramanidina maromaro, na ireny antsoina hoe Jet privé ireny.

Solo Dolara, mpandraharaha anisan'ny nalaza teto Madagasikara, ka hatrany ivelany.

Araka ny vaovao voaray, niala sasatra tany Sambava ny tenany, narary anefa izy tany an-toerana, ka dia izao nodimandry izao afak'omaly alakamisy. Tany Frantsa izy no nonina nandritra ny taona maro. Ireo olona akaiky azy dia nahatadidy ny hira nahafantarana azy : " Lavanio mandady amin'ny café, be-vola dikan'izegny ee deraderan'i Sambava zala i Solo Dolara eeee!". Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

Niaina

Mazotoa mihira

Ny taona vaovao toy izao dia hahatsapan'ny tsirairay fa mandalo ihany tokoa izao fiainana izao. Araraoty ny andro azo anaovan-tsoa noho izany satria voafetra no iainantsika eto. Hira mahakasika an'izay ataon'i Bezara Ernest, na Dedesse no atolotra anao androany : Samia mamisavisa.

Samia mamisavisa

Gaga ihany aho efa isanandro zao
raha mijery, mihaino sy mamaky vaovao
malahelo aho(2)
manahy aho(2)
Te hitomany aho e!
Ouhou!
Satria ny eran-tany
Tandindonin-doza foana
ary izany anie tsy
mitsaha-mitombo isan-taona
malahelo aho oa(2)
Manahy aho(2)
Te hitomany aho eh
Ouhou!
Nolazainy fa maro maty noana eto ambony tany
Tao Ethiopie mba nisy an'zany
Nolazainy fa mifandatsa-drà ny any Yougoslavie
Mandinika ny tao
Moyen Orient sy ny tany Somalie
Mamely izay tsy izy
ny horohoron-tany etsy sy eroa hatrany Los Angeles
any Califournie koa mba voa.
Taloha nogejaina ny mainty tao Pretoria
Toherinay zany fa any ny tany hoy i Mandela
Zao mandripaka choléra
Mielim-patrana ny sida
Potika aza miha-kely noho ny pile koa Elchima
Ampiana ady koahy
tao Koweit koa
Izany rehetra izany
Tsy ho azo antoka ny
tontolo iainana ao Milan

Moa ve ny tany
no efa lany vatsy
sa ny olona no miha-ratsy
Efa hikatona ve ny
lanitra sa mbola sazin'Andriamanitra
Araraoty ny andro azo
Anaovan-tsoa fa miha-ratsy zao fiainana izao
Ankatoavy ny tenin'reo
mpaminany taloha
mba iainan'lay Edena vaovao.

Tsy gaga intsony aho
sady toa efa leo
Raha mandre vaovao
Amin'ny vata fampielezam-peo
nefa manahy ihany aho
(manahy mafy aho)
Malahelo aho(2)
Te hitomany aho e
Ouhouh!
Olombelona mifikitra
miroso fahalalana
f'izao ndray maika miova tokoa faharavana
Manahy aho marina mafy
Malahelo izay tsy izy aho
Te hitomany aho e!
Ouhouh!
Yeah!
Tsy ho lazaina intsony izao fa ny fiainana
no be sorisory
Fa ny risoriso
tsy vahaolana akory
Nolazaina fa ny tanora
no antoky ny ho avy
Nefa be ny mamoa-tsampona
na lahy na vavy
koa mba zovy moa?
No omena tsiny
Ray aman-dreny sa zaza?
Sa reo mpanabe izay
efa leo mivazavaza
Nolazainy f'eran-tany tsy misy tsy mitaraina
Amin'ny zava-mahadomelina sy atambo tsy ho tanisaina
Mahazo vahana ny fanompoantsampy
sy saina ratsy ataon'ny olona o!
Koa tsy sitrak'ANDRIAMANITRA
izany ravaNY ddaholo
zay foronina o!
Aiza eh! AIza ho aiza
no vahaolana
SAMIA MAMISAVISA
Mba ahatongavana marina amin'ny tena paradisa

Mpamorona sy mpihira: Dedesse (Bezara Ernest).

Sakafo Ny Valosoa

Henomby sy kabaro indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao marihidrihitra miaraka ny henomby sy ny kabaro, azo atao ketsaketsa ihany koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Torohevitra ho fandroahana ny moka amin'izao fotoam-pahavaratra izao

Mahabe ny moka amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Fomba fandroahana ny moka no atolotra anao androany:
Akora ilaina :
1-Siramamy mena, 50g.
- Leviora fanaovana mofo 1g.
- Rano 20 cl.
Fikarakarana :
- Hafanaina ny rano sy ny siramamy ary ampangatsiahana avy eo. Mandritra izay fotoana izay dia maka tavoahangy plastika ary zaraina roa.
- Rehefa mangatsiaka ilay ranon-tsiramamy dia araraka ao anatin'ny tapany ambany amin'ilay tavoahangy notapahina. Araraka moramora ao amin'ilay ranon-tsiramamy ny leviora.
- Rehefa vita izay dia alaina indray ny tapany ambony amin'ilay tavoahangy ary apetraka ao amin'ilay fangaro, ka ny faritra misy sarony no atao ambany.
- Apetraka amin'ny efitra be moka mba hisintonana azy ireo.
2-Vovoka kafe: apetraka eo ambony papier alu ny vovoka kafe tsy mbola nampiasaina, atao toy ny amin'ny sary dia dorana amin'ny afo malefaka (afokasoka) avy ao ambaniny!
- Aparitaka eraky ny trano ny fofona kafe may alohan'ny hanidiana ny trano. Tsy zakan'ny moka ny fofona, ka hampandositra azy ireo.
- Tsy misy fiantraikany amin'ny olona ao an-trano ny fofona.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambatosia, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambatosia, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatosia ity kaominina ity. Avo toerana ity tanàna ity satria 1051 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpompy ny mponina ao aminy. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Bealanana, vokatra any Ambatosia ny vary, ny Tsimihety any amin'iny faritra iny dia mpamokatra vary faha-3 eto amin'ny Nosy, ao aorian'ny any Alaotra sy ny any Marovoay.

NY TENY FIAINANA

"Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany hianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny toerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan'ny andro, ka miposaka ao amponareo ny fitarik'andro;"

II Petera 1:19

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Ministra tsy avy amin'ny sehatra

Tsy mahalala ny tokony hataony amin'ny fandraisana mpampianatra

Marcel Razafimahatratra : ZAVADOZA HO AN'NY FIRENENA NY TOMPONANDRAIKITRA TSY MAHAY MANDAHATRA NY LAHARAPAHAMEHANA.

Dominique Rabemiafara : tsy avy amin'ny sehatry ny fampianarana ilay ministra dia tsy mahafantatra ny tokony hataony amin'ny fandraisana mpampianatra. Ny nahavita fianarana rehetra tamin'ny Ecole Normale : na niveau 1, na niveau 2, na Supérieure dia tokony ho tafiditra mpampianatra avy hatrany raha vao vita ny fiofanany. Misy ny engagement na fanekena ataon'izy ireo raha vao hiditra amin'ireny toeram-panofanana ireny, fa hampianatra amin'ny fanjakana raha vao vita ny fianarany. Noho izany, tokony ho raisina mpiasam-panjakana avy hatrany ireny mpiofana nahavita fiofanana tamin'ny Ecole Normale ireny raha vao vita ny fiofanany. Fa ny fahitako azy, tadiavina hampidirana ny akamakama ny poste budgétaire tokony ho an'ireo Normalien, ka eo no mahatonga ny olana misy amin'izao fotoana.

Yolande Rananjarison : ka foano ilay ENS, fa aleo ny privée no hamolavola ny ankizy ho mpampianatra. Mahabe charge ny fanjakana fotsiny.

Noro Mar Ange : betsaka anefa ireo Lycée m-panjakana no tsy ampy mpampianatra , Tena manontany tena aho? Tena tsy mahafehy ny asany ilay ministry ny fanabeazam-pirenena.

Randriambahoaka Soanaivo Erik : tsy azoko io resaky ny minisitra io. Inona tokoa moa izany École Normale izany? Angaha tsy fifaninanana tahaka ireo toeram-panofanana ny miditra ao? Angaha raha mampanao fifaninanana tsy efa misy postes budgétaires mifanaraka @ mpianatra ho raisina?… Noho izany tokony ho raisina avy hatrany ireo nahavita fiofanana amin'ny Ecole Normale.

Tovo Ratsimbarison : na izaho koa dia gaga an, tsy ireo nga ilay EN3 taloha? (CAPEN) ny diplôme avoaka ao, ka tonga dia miasa avy hatrany raha vao vita fianarana? Nanao engagement decennal ireo, noho izany tokony ho raisina ho mpampianatra satria raha vao afaka an'ilay fanadinana fidirana ao dia manaiky fa hiasa amin'ny fanjakana, hampianatra mandritra ny 10 taona.

Randriambahoaka Soanaivo Erik : gaga aho hoy ny gana, fa ny rano nandroako no nahamasaka ahy. Gaga ny mpianatra fa ny fianarana norantovina no haha-fadiranovana ny firenena.

Judith Razafimbahiny: ireo normaliens no efa niofana momba ny fanabeazana, fa tsy ny maitre FRAM, noho izany izy ireo aloha no tokony homena asam-panjakana mialoha, izay vao ny hafa raha mbola misy ny toerana.

Kona Ratsirahonana : ahenao ny mpianatra raisina Ens ary e!

Zo Lalaina : fa tsotra kokoa ho an'ilay fanjakana ny mahita lycées tsy ampy mpampianatra sy manakarama varimasaka ireo maîtres FRAM. Hanao inona fotsiny izany ireo ? Maninona raha dinihina akaiky ny fampidirana mpianatra ao, atao arakaraka ny filan'ny fanjakana sy ny postes budgétaires ohatry ny amin'ny écoles sasany mamolavola mpiasam-panjakana. Rehefa tsy mety izay dia foano ny ENS, fa mahabe charges fotsiny, fa reo mpianatra sortants ao toa tsy ilaina akory zany raha ny fahitan'ny fitondran-dRajoelina sy ny ministra azy.

Onja Ral : d gaga enao. Ny zanaky ry zareo mianatra any an-dafy ny ankamarony d tsy ivakiany loha indrisy ny eto, ny efa niofana lalina momba ny fampianarana no tokony hampianatra.

Soniah Soniah : andeha hivarotra mangidy sa menaka tarehy manala panda manala mony zany ireo nahavita fianarana, ka nahazo diplôme tao am École Normale Supérieure ireo ve?

Toavina Ramaro : MBOLA MITANA NY TENY NOMENY VE NY MPITONDRA? SA IZAO VE LE HOE OVAINTSIKA NY TANTARA ETO MADAGASIKARA ?

Foutsie Tsotsy : andrekaky ô !

Hygien Ravelojaona : vao niditra tao amin'ny ENS ireo mpianatra dia efa misy ny toerana tokony ho azy ireo rehefa vita ny fianarany, izay ihany koa no nanaovany ilay fanekena, fa hampianatra amin'ny fanjakana mandritra ny 10 taona. Tena fanapotehana ny fanabeazana eto amintsika mihitsy ny fanilihna azy ireo tsy ho voaray ho mpiasam-panjakana fa hosoloina maitre Fram.

VAOMIERAN'NY FITANTANANA

Nanamafy fa tsy afaka hirotsaka ho filohan'ny CAF i Ahmad

Nanamafy ny tsy fahafahan'i Ahmad Ahmad hirotsaka ho isan'ireo kandidà ho fidiana ho filohan'ny CAF, na Konfederasiona Afrikana momba ny baolina kitra, ny Commission de Gouvernance, na ny vaomiera misahana ny fitantanana ao anivon'ity rafitra ny baolina kitra Afrikanina ity, izay nivory tany Le Caire Egypta ny 5 sy ny 6 janoary 2021 teo. Araka ny fanambarana, mbola voasazin'ny FIFA izy, ka tsy tokony ho azo ekena ny firotsahany hoy ireo Kandidà mpifanandrina ihany koa. Na Federasionina 40 eo aza no nilaza fa hanohana an'i Ahmad Ahmd dia tsy ho afaka hirotsaka ny tenany. Kandida 2 no efa nekena ny firotsahany dia i Emmanuel Senghor Filohan' ny Federasionina Sénégalaise, sy Jacques Anouma Filohan'ny Federasionina Ivorianina teo aloha. Mbola dinihina kosa ny dosien'ilay Mauritaniana Ahmed Yahya, sy ilay Afrikanina Tatsimo Patrice Motsepe. Ho an' ny komity mpanatanteraka kosa, izay miisa 13 no hofidiana, dia anisan'ireo kandida Ramatoa Patricia Rajeriarison, mpikambana teo aloha tao amin'ny Komity Mpanatanteraky ny FMF na ny Federasionina Malagasy ny baolina kitra. Marihina fa hatao any Rabat renivohitr'i Maraoka ny volana martsa ho avy izao ny fifidianana.

Ahmad Ahmad, mety tsy ho filohan'ny CAF intsony ao aorian'ny volana martsa.

Lita

Nosikely Morondava

Sahirana ireo mpianatra, mila fanampiana amin'ny tompon'andraikitra

Sahirana ireo mpianatra any Nosikely Morondava faritra Menabe, noho izay antony izay, miantso fanampiana avy amin'ny tompon'andraikitra ny fikambanana: Association Miray 619,
sy ny Groupe Kimony Resort, ny Association Be Andriaky, ny Direction régionale office du tourisme Menabe ary ny Hotel Restaurant rehetra any Nosikely. "Ny fianarana no lova tsara indrindra", hoy ny fanambarana, tsy manana fananana na harena omena ny zanaka izahay ankoatra ny fianarana, ka miezaka hatrany ny mampiditra azy ireo an-tsekoly sy mampianatra azy ireo. Tsy mendrika izany anefa ny sekolim-panjakana ianarany amin'ny EPP Nosikely Morondava, izay eto an-tampon-tanàna. Koa mamerina manao antso avo aminareo tompon'andraikitra rehetra mahefa eto Madagasikara, Menabe, Morondava. Ny ray aman-dreny miaraka amin'ny ankizy momba ity sekolim-panjakana EPP Nosikely Morondava ity, dia milaza fa mijaly loatra izahay noho ireto antony manaraka ireto:
1- Ny efitrano sekoly fianarana sady efa tsy ampy isa no mbola tena simba sy nilaozan'ny toetr'andro ihany koa,
2- Tsy misy latabatra na seza fa dia mipetraka amin'ny tany ny ankizy no mianatra.
3- Tsy misy tabilao ny efitra hafa anoratan'ny mpampianatra sy mpianatra.
4- Mitambatra ny mpianatra Préscolaire maternelle T1, mitambatra ihany koa ny mpianatra T2 sy T3 ary ny T4.
5- Raha vao latsaka ny orana dia tsy misy fianarana vanona fa mitete be ny efitrano rehetra.
6- Efa atahorana ny hirodanany satria efa tena antitra ilay foto-drafitrasa.
Noho izany, mangataka sekoly vaovao izy ireo, fa mijaly sy sahirana ny ray aman-dreny miaraka amin' ireo ankizy mpianatra.
Ao an-drenivohitr'i Menabe aza misy mpianatra mianatra amin'ny tany, mainka moa izany fa amin'ny faritra ambanivohitra dia tsy hay intsony ny fahasahiranana amin' ity resaka fanabeazana ity.

Niaina

Mpianatra mianatra amin'ny tany any Nosikely Morondava renivohitra.

FIAINAM-PIRENENA SY HAINO AMAN-JERY

Raikitra ny “Miara-manonja”, misamboaravoara ny sambo

Fomba fiadin’ireo haino aman-jery mitovy fijery ny manao fandaharana iraisana mandeha amin’ny onjampeo samihafa, iray amin’ izany ny “Miara-manonja “, izay nanomboka tao amin’ny “ Mbs Radio” tamin’ny taona 2002, fotoana nitakiana ny fahamarinana tamin’ny fifidianana filohampirenena tamin’izany fotoana izany. Nahomby tokoa io fomba fiady io satria sady mampitombo ireo sofina maheno, no manankarena ara-kevitra ilay fandaharana, noho ny fisian’ireo mpanao gazety efa samy manana traikefa avy amin’ny onjampeo samihafa, manambatra ny fahaiza-manaony, ka miteraka fifamenoana, ny mpihaino no mahazo tombony mihoa-pampana ary mivoaka ho azy ny tena fahamarinana, fa ireo mpanampatra fahefana sy mpanosihosy ny lalàna kosa mahatsiaro ho sahirana sy very hevitra, toy ny fitondrana tarihan’i Andry Rajoelina amin’izao fotoana.

Araka ny efa nambara dia tamin’ny taona 2002 no nisy ny ”Miara-manonja “ voalohany, tamin’ny taona 2018 nisian’ny hetsik’ireo depiote 73 dia nisy ihany koa ny “Miaramanonja”, ka ireo onjampeo mpomba an-dRajoelina no maro an’isa tamin’ireo mpandray anjara, nisy ihany koa onjampeo vitsivitsy mpomba ny Filoha Ravalomanana tao, tsy dia nampaninona raha nampiasaina ilay anarana hoe “Miara-manonja“, satria nisy zanak’i Dada niteny tao. Ny voalohan’ny taona 2019 nitakiana ny marina momba ny fifidianana filohampirenena 2018, dia nisy indray ny fiarahan’ireo onjampeo maro, saingy “Miara-mampita” no anarana nisalorany.

Ny 05 Aprily 2020, ampitson’ny nampidirana amponja an’i Rahelisoa Arphine, Talen’ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia nisy ny fiaraha-mientan’ireo mpanao gazety tsy manaiky lembenana, nifamotoana teny amin’ny foiben’ny “Mbs Radio”, nanao fandaharana niarahana, “Miara-manonja “avy hatrany no nampiasaina, satria mila miverina madiodio amin’ny tompony ilay anarana, tsy iza no tompony fa ny mpiaradia amin’ny Filoha Ravalomanana.

Nisy ny hamehana arapahasalamana nangejana ny fahafahan’ny onjampeo, efa foana izany ankehitriny ary efa malalaka ny fanehoan-kevitra amin’ ny onjampeo, ka dia nanapa-kevitra ireo onjampeo mitovy fijery manoloana ny raharahampirenena, fa iara-hanambatra indray ny feo amin’ny “Miara-manonja “, nanomboka omaly 8 Janoary 2021, mbola visivitsy no nandray ny fiaingana, fa ny antenaina dia hitombo andalana toy ny dian’Andriana ireo mpandray anjara, isan’andro no hisy ity fandaharana “Miara-manonja” ity, manomboka amin’ny 9h30, ka hatramin’ny 11h30 maraina, amin’ny onjampeo AZ Radio, MBS Radio, IBC Radio, Soa Radio ary ny Radio Mada.

Vao ny andro voalohany nisian’ny “Miara-manonja “ dia efa nifantoka tany avokoa ny sofin’ny ankabeazan’ny malagasy, satria ireo solombavambahoaka avy amin’ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) no vahiny voalohany tao, nanatsikafona ny tsy fahaiza-mitantana sy ny fanamparam-pahefana ary ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harempirenena ataon’ireo mpitondra nandresy tamin’ny hosoka, izay tarihan’ny Filoha Andry Rajoelina.

Tsy ivalamparana eto ny mamerina izay voalaza tao, fa dia manomboka izao dia ataovinao olompirenena tia firenena ho fahazarana ny manaraka ny “Miara-manonja “ isaky ny Alatsinainy hatramin’ny Zoma amin’ny 9 ora sy sasany maraina, ka hatramin’ny 11 ora sasany atoandro. Ny mpomba ny fitondrana koa tsy ferana fa tsy maintsy mihaino, mahery fihavy ny onja ka misamboaravoara ny sambo entin’ireo mpandroba fahefana, izay tsy maintsy hiafara amin’ny fahavakisana sy ny faharendrehana...

Ny Valosoa

Mpitondra moto nisongona kamiao

Nianjera dia voahitsaky ny kodiaran’ilay fiara vaventy

Nisehoana lozam-pifamoivoizana noho ny resaka kodiaran-droa na moto indray tetsy Mahazo Antananarivo Renivohitra omaly. Araka ny fampitam-baovao dia saika hisongona fiara vaventy iray ilay mpitondra moto, izay somary nandeha mafy ihany. Noho ny fandehanana mafy, nisolifatra ary nianjera ilay mpitondra kodiaran-droa, voahitsaky ny kodiaran’ilay kamiao izy noho izany.

Mbola nahatsiaro tena tsara izy niala teny Mahazo tamin’io fotoana io ary nentina tsaboina etsy amin'ny Hopitaly HOMI Soavinandriana. Voa mafy ihany ity mpitondra moto ity, ho hita eo ihany ny vaovao mahakasika izay.

Stefa



Ilay mpitondra moto voahitsaky ny kamiao tetsy Mahazo.

Pavillon Analakely

Tratra ilay tovolahy mpanendaka, vao 8 taona dia efa nanao izany asa ratsy izany

Tratran’ny polisy tetsy amin’ny Pavillon Analakely ny tovolahy iray mpanendaka, izay fantatra fa vao 8 taona dia efa nanao izany asa ratsy izany. Zanaka mpivarotra legioma etsy amin'ny Pavillon Analakely ity tovolahy 23 taona ity ary vao 8 taona izy dia tratran'ny Polisy nangarom-paosy teo amin'io faritra io ihany. Mpanendaka gaigilahy fantatra amin'ny solon'anarana hoe "Ra Gogol", ny Raikeliny sy ny zaodahiny "Ra-Elizé" ary ireto farany no nampianatra azy mangarom-paosy eo Analakely eo. Isan'ny efa nahasambotra azy ny Polisin' ny boriboritany voalohany, sy fahatelo ary ny Commissariat Central Tsaralalàna. In-dimy nigadra ary efa nisazy teny Anjanamasina sy teny Antanimora izy. Ny taona 2016 izy no nivoaka ny fonja. Ny alarobia teo dia ramatoa nanao bracelet hiantsena tetsy amin'ny Pavillon Analakely no nendahiny ary tratra ambodiomby izy.

Natolotra ny fampanoavana omaly ity tovolahy mpamerin-keloka ity.

Niaina

Ilay tovolahy mpanendaka tratra tetsy Analakely.

Lycée Mahaleovasoa l’Impec Anosibe

Misokatra ny fisoratana anarana amin’ny fampianarana kabary

Ho an’ireo izay mbola tsy mahay mikabary mihitsy, misokatra amin’izao fotoana ny fisoratana anarana amin’ny fampianarana kabary, Cours Kabary Spécial, na fampianarana kabary manokana ao amin’ny Lycée Mahaleovasoa l’Impec Anosibe. Nohon'ny fepetra ara-pahasalamana hoy ny tompon’andraikitra dia noferana ho 50 fara-fahabetsany no ho raisina mianatra. Ny fianarana dia hanomboka ny Sabotsy 13 febroary, ka ny volana jona mandritra ny Iraivolan'ny teny Malagasy no havoaka amin’ny fomba ofisialy ireo mpiofana. Tsy mantsy mahay ihany koa izay mianatra, hoy ny tompon’andraikitra. Ny fotoana hianarana:

Isaky ny Sabotsy amin’ny 9 ora, ka hatramin’ny 12 ora atoandro, ao amin’ny Lycée Mahaleovasoa L'Impec Anosibe. Teny filamatr’izy ireo ny hoe : “andao hianatra kabary fa fotsy volo tsy mahay mikabary, raha mipetraka atsangan'ny olona, raha mitsangana apetraky ny olona".

Aly

Ny tompon’andraikitry ny fampianarana kabary etsy Anosibe.

Taratasin’ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin’ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ny olana ao amin’ny orinasa Jirama. Soso-kevitra : maninona raha haverina amin’ny teo aloha ihany ny momba ny resaka facture an’ny Jirama. Ilay anay zao, nanatitra ilay relevé zahay t@ le 15 dec, dia isaky ny 13 zareo no manatitra facture, t@ dec anefa le 23 zareo dia efa nanatitra, dia lazainy fa NR ilay anay, mahavariana lay raha, ny zavatra ho hisy zao, dia le 13 janv any ny facture manaraka vao tonga, dia hiampy 14 jours lay 28 jours, dia hidangana be ny-facture, dia hasiany 2 tranches indray, dia ho simba ny gestion kelin’ny ankohonana, tena manahirana mihitsy. Eto @ tsika raha vao resaka asam-birao na "services" dia adino ny tena olana tokony ho vahana, fa lasa toa safary sy fepetra manasaro-javatra indray aza. Ary dia izao lasa olana faobe izao ity resaka Jirama ity, sady tsy voavaha ny tena olan'ny firenena no mbola vesarana olana artifisialy koa. Ny zava-misy, ianao tsy manana rano, ny jironao tapatapaka foana, fa dia ny vola fandoa ihany no tsy maintsy efaina. Ao amin’io Jirama io raha ny fahitako azy koa no tena misy mpangalatra, mihevitra ny olona tsy mahay mikaonty ny laniny. Lasa inao no mamelona ny vady aman-janaka sy ny sipan’ireo tsivalahara mpitantana aao amin’ity orinasa ity.

Tovohery Ratsimbalison
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N’oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Sahoby R.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 09/01/2021 hatramin'ny 16/01/2021

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1112-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MCI

Tokony hiala ny ministry ny varotra rehefa tsy mahafehy ny asany

Omeo an'ireo olona mahita vahaolana haingana, sy maharitra mikasika ny fiakaran'ny vidim-piainana ny toeran'ny Ministeran'ny Varotra, hoy Andriamatoa Razafindralambo Lalaina Filohan'ny MCI, Hetsikin'ny olom-pirenena manohitra ny fiakaran'ny vidim-piainana, na Mouvement des Citoyens contre l'Inflation. Nilaza ity tompon'andraikitra ity tamin'ny herinandro lasa teo, fa tsy niaina tao anatin'ny fety ny vahoaka Malagasy, satria tsy hita ny fiantraikan'ny "Opération" fampidinana vidin'entana nataon'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministeran'ny Varotra, efa ho tapa-bolana mahery lasa izay. Nanantanteraka fidinana ifotony tamin'ny alalan'ny fitetezana tsena teto Antananarivo ireo mpikambana eo anivon'ny Mci talohan'ny fetin'ny faran'ny taona teo, ary nahita fa tsy nisy fidinany ny vidin-javatra nolazain'ny ministera fa hampidinina. Nanamafy Andriamatoa Razafindralambo Lalaina, fa tsy nisy fihenana fa niaka-bidy hatrany ny saran'ny vidin'entana, ao anatin'izany ny vidin'ny atody, izay mahatratra 700 Ar ary mahatratra 900 Ar izany any Mahajanga, ny vary Gasy 720 Ar ny kapoaka, raha toa ka 900 Ar izany any Mahajanga, ny vidin'ny menaka dia mahatratra 9000 Ar ny Litatra iray any Mahajanga… Namarana ny fanehoan-keviny ny Filohan'ny MCI, fa tsy nahavita ny asany ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministeran'ny varotra, satria tsy voafehy ny vidim-piainana eto Madagasikara noho izany tokony ho soloina an'izay tompon'andraikitra mahavaha olana ny toerana.

Ny avy amin'ny MCI, nijery ny vidin'entana teny an-tsena.

Franck Razakambelo

Tranombarotra Baolai

Mitohy hatramin'ny faran'ity volana janoary ity ny fihenam-bidy

Amin'ny vaninandro Taombaovao toy izao dia maro ireo izay te hanolotra fanomezana miavaka ho an'ireo olona akaiky azy. Manana tolotra mifanojo amin'izany indrindra ny Tranombarotra «Baolai », izay manao ny fihenam-bidy amin'ireo entana loha-laharana amin'ny kalitao samihafa ao aminy hatramin'ny faran'ity volana Janoary 2021 ity. « Maro isankarazany ny zavatra azo atao fanomezana ato aminay, izay ho hita ao Bazar be Toamasina, etsy Soarano sy Analakely. Ary natao mifanaraka amin'ny filana sy ny fahefa-mividin'ny be sy ny maro hatrany. Ao ny panneaux solaires mono sy polychristalline, laser tv 100 " sy ny Smart tv ary télé led misy manomboka 19 ", ka hatramin'75 " (misy antoka 1 taona daholo), synthétiseur, machine à laver, subwoofer, climatiseur portatif, four micro-onde, table de mixage, lecteur divx/dvd, réfrigérateur, fer à lisser (volo), Gsm,… », hoy ny tompon'andraikitra. Ny antsipirian'izany rehetra izany dia hita ao amin'ny « site web », pejy fb : baolai ary ao amin'ny antso an-telefônina 0333796888 amin'ny ora fiasana. Dia ho taom-baovao feno fifaliana tokoa ity taona 2021 ity miaraka amin'ity Tranombarotra lehibe iray ity.

Aly



Entana mro samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 332



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0331)

Mitsivalana
- Atoandro
- Miray - To (miv)
- Tamy (miv) - Ova
- Boina
- Iva
- Akondro
- Fo - Maria

Mitsangana
- Amidy
- Tim - Vao
- Kabaro (miv)
- Aato - OM
- Ny - Anay (miv)
- No (miv) - Dr
- Rova - Ry
- Ota - Soa

TENY MIFANARAKA N° 332



Mitsivalana

1. Vaiavy - Vazivazy (teny tokana) **2.** Eo amin'ny tratra (miv) - Tany Masina (BR) **3.** Tsy takatra - Vizana **4.** Areti-mandoza (BL) - Sisiny (Miv) **5.** Soa (BL) - Heno **6.** Vahoaka mpamokatra (miv) **7.** Solfa - Malaky (BL) **8.** Kianteny (miv) - Tapitra (miv) **9.** Karazam-biby - Lamba karana **10.** Hita amin'ny varavarana - Kivy (miv)

Mitsangana

A. Fafy - Efa tranainy (miv) **B.** Iray Tampo - Fiandohan'ny rotaka **D.** Teny - Rà (miv) **E.** Mpanondro manolotra (miv) - Ao amin'ny Baiboly **F.** Isa omena - Faranteny (miv) **G.** ao amin'ny rano - Litera roa mitovy **H.** Matanjaka - Zava-boarara amin'ny ankapobeny (miv) **I.** Nihafianay **J.** Lasàka - Hatsiaka **K.** Fahitsiany (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0331

Mitsivalana
1. Fatorana **2.** Fararano (miv) **3.** Laìàna - Ony (miv) **4.** (H)ena - Roa **5.** Sakaiza **6.** Rary (miv) - Rainy (miv) **7.** Dingana **8.** Neny (miv) - Garaz(y) **9.** Anadihiny **10.** Voina - Mamy (miv)

Mitsangana
A Kelesy **B.** Anaranao **D.** Folaka - Eny **E.** Ana - Nandra (miv) **F.** tanty - Da(ka) **G.** (F)ora - Zinga **H.** Ra - Rangahy **I.** Ario - Miray (miv) **J.** Nana - Anana **K.** (T)afo - Mizara (miv)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fifampiarahabana tratry ny taona nokarakarain'ny TIM Boriborintany I, tao Bel'Air.

Ny fifampiarahabana tratry ny taona nokarakarain'ny TIM Boriborintany III, tao Bel'Air.

🎅TOPFLIGHT🎅
📍près de Ankany fivavahana Fjkm Andravoahangy fivavahana📍
⚠️Inscription ouverte tous les jours du lundi au samedi de 7h à 17h.⚠️
❗ Prochaine rentrée : 11 Janvier 2021 ❗
🇺🇸Anglais🇺🇸
🇫🇷Français🇫🇷
🇮🇹Italien🇮🇹
🇹🇷Chinois🇹🇷
🇪🇸Espagnol🇪🇸
💻Informatique💻

👉Ecolage 0 Ar👌
👉Droit d'inscription pour pack de 2 langues + informatique ou 3 langues : 100.000 Ar
👉Durée : 3 mois

Infoline : 📞034 16 683 95